Voatokana eny amin’ny arabe manoloana ny Fiangonana katolika « Saint Louis » ao an-tampontanàna ny Kaomina Ambanivohitra Betafo ny toerana famarotana zana-trondro hatrizay. Misedra olana ireo mpivarotra zana-trondro hatramin’izay ka izany indrindra no hanomanana dieny izao ny tsenan’-ny zana-trondro ao anatin’ny kaomina amin’ity taom-pamokarana miditra ity. Mihoatra ny 16 taona ny tsena ny zana-trondro eto amin’ny kaomina Betafo, isaky ny alatsinainy sy ny alakamisy manomboka ny volana oktobra ka hatramin’ny volana febroary na martsa ny tsena. Miainga any amin’ny toeram-pamokarany ny mpiompy trondro miaraka amin’ny zana-trondro ao anaty siny, na sobika misy selefana mba hitahirizana ny rano mandritran’ny fitondrana ny zana-trondro mandrapahalafony. Ireo mpivarotra zana-trondro ireo dia avy amin’ny toerana lavidavitra ny Renivohitra ny kaomina. Mandeha an-tongotra fahefakadiny raha kely indrindra. Eny ampitondrana ny entana ny mpiompy dia efa manolo rano. Mila rano madio sy oksizena hahafahany mivelona ny trondro. Ary toy izany mandritran’ny fotoana hivarotana. Zana-trondro velona mantsy no tadiavin’ny mpanjifa. Nohazavain’i Andrianjaka Olivier, tompon’andraikitra ny fampandrosoana ny eny Ambanivohitra ato amin’ny Kaominina Betafo, fa miisa 20 ny mpivarotra zana-trondro isaky ny andro tsena. Misy amin’izy ireo no efa mitambatra anaty fikambanana. 200 Ariary/mpivarotra ny haba alain’ny kaomina.

Misedra olana ny mpivarotra zana-trondro
Misedra olana ireo mpivarotra mandritra ny famarotana ny zana-trondro. Tsy misy alokaloka ny toearana fivarotana. Mivantana any amin’ny zana-trondro ny taratry ny masoandro. Tsy ara-dalàna ireo siny sy sobika misy selôfanina asiana ny zana-trondro amidy. Mila rafimpandinana maty paika ny fivarotana zana-trondro eto amin’ny tsena ny Betafo mba hanaram-penitra. Mazava mantsy fa asa mahavelona ny varotra zana-trondro. Indrindra rahefa miaraka ny fanatavezana zana-trondro sy ny fivarotana azy.

Mitaraina ny mpivarotra zana-trondro. Lavitra vao mahita rano hanolosoloana ny ao anaty sobika na ny ao anaty siny. Maka rano eny amin’ny Farihin’i Tatamarina ireo mpivarotra avy any Antsenan’i Betafo. Na milahatra rano ao amin’ny paompin’ny kaominina nefa mandrapahatongan’ny anjara rano dia efa mihamalemy ny zana-trondro. Na mividy rano 100 Ariary/andro any an-tokatranon’olona raha misy olom-pantatra akaiky. Vokany, misy ireo zana-trondro maty.

Maminavina vahaolana ny APDRA-F Madagascar sy ny kaomina Betafo
Manoloana ireo olana mihatra amin’ny tantsaha mpivarotra, mila mikaon-doha ny rehetra entina hanatsarana tontolo ny varotra. Ilaina fifanankalozana eo amin’ny Kaominina Ambanivohitr’i Betafo sy ireo tantsaha mpamokatra zana-trondro ary ny tetikasa APDRA-F Madagascar. Anisan’ny vinavinan-damina hapetraka ny fahatongavan’ny manampahaizana iray hanajary toeram-pamarotana trondro ao amin’ny tsenan’ny kaomina ny volana oktobra izao.

Marché des alevins à Betafo: Une vente d’alevins très favorable mais qui souffre

Depuis des années, le marché des alevins de la Commune Rurale de Betafo se situe au devant l’Eglise Catholique. L’absence d’accès à l’eau sur ce site pose problème aux vendeurs d’alevins. Une proposition d’aménagement devrait être discutée pour cette prochaine campagne.

A Betafo, la vente d’alevin existe depuis près de 16 ans et fait jusqu’à maintenant la renommée de la commune. Sur l’année, elle s’étale du mois d’octobre au mois de février, pouvant même s’étendre jusqu’au mois de mars, le marché ayant lieu les lundis et jeudis. Les vendeurs d’alevins transportent leurs produits depuis leurs sites de production. Les alevins vivants sont placés dans des seaux ou des soubiques contenant des feuilles de plastique, permettant de conserver l’eau jusqu’au marché et jusqu’à la vente. Pour le site de production le plus proche, le déplacement demande environ 15 mn de marche à pied. Certains vendeurs sont cependant beaucoup plus éloignés du marché de Betafo. Pendant le transport et au cours de la vente, les vendeurs d’alevins doivent renouveler l’eau des récipients. Une eau fraîche et bien oxygénée permet en effet d’assurer une meilleure survie des alevins.

Selon Andrianjaka Olivier, responsable du développement rural de la commune de Betafo, environ 20 vendeurs d’alevins sont présents chaque jour de marché, certains producteurs étant groupés en association. Chaque vendeur verse 200 Ariary à la commune.

Les vendeurs rencontrent des problèmes
Aucune protection n’existe pour protéger les poissons du soleil, qui entraîne une hausse de température de l’eau des récipients de stockage, augmentant de ce fait les risques de mortalité. Par ailleurs, les récipients utilisés pour la vente ne sont pas adéquats et aucun bassin n’est disponible sur la place du marché.

Un accès à l’eau difficile face à la fragilité des alevins
Aucune source d’eau n’est accessible sur le lieu de vente. Souvent, les vendeurs provenant du Nord de Betafo s’approvisionnent au lac Tatamarina. Sur la place du marché, beaucoup patientent au niveau de la fontaine de la commune. Pour disposer d’eau à proximité et en permanence, certains en achètent aux propriétaires des maisons environnantes à raison de 100Ar la journée.

Réflexion sur la résolution de ces problèmes
Du fait du caractère très rémunérateur de la vente d’alevins et face aux problèmes de vente exprimés par les paysans producteurs, une action d’amélioration des conditions de vente des alevins mérite d’être envisagée. Cette réflexion a récemment été engagée entre la Commune de Betafo, les paysans producteurs et l’APDRA Madagascar. Elle devra être poursuivie afin de mettre en place un nouvel aménagement, et de discuter de son mode d’utilisation et de gestion.



Vendeur d’alevin au marché de Betafo

Tapitra ny fifaninanana 2008 !

Niatomboka ny faran'ny volana may ary nofananana ny 21 ka hatramin'ny 25 jolay 2008 teo ny fandritana ny tanimbarin'ireo mpandray anjara tsirairay tamin'ny fifaninanana 2008.

Loha-hevitra natolotry ny tantsaha mpiara-miombon'antoka amin'ny APDRA-Madagascar ny fijerena ny hakitroky ny trondro mety amin'ny sombin-tany tamin'ity fifaninanana taona 2008 ity, nandritran'ny fanatavezana voly avotra.

Tantsaha 18 no nandray anjara tamin'ny fametrahana trondro tao anatin'ny sombin-tany roa mifanakaiky nefa samy hafa ny hakitroka nampidirina, izany hoe avo roa heny amin'ny voalohany ny faharoa mba hahazahoana toro-marika manodidina ny hakitroka nampiharina tamin'ireo sombin-tany ireo nandritran'ny ririnina. Samy nandray an-tanana ny fizohiana ny tantsaha tsirairay tamin'ny fandraisana ny maripana sy ny fiovaovan'ny haavon'ny rano. Tetsy ankilany, ny ekipan'ny APDRA-Madagascar nanao fizohiana teny amin'ny sombin-tany rehetra nandritran'ny fifaninanana, nandray ireo raki-marika sy niara-nijery ny vahaolana manodidina ny fifaninanana. Noritina ny tanimbary rehetra tamin'ny 21 ka hatramin'ny 25 jolay, nolanjaina sy nisaina ny trondro hita. Ny ekipa ihany no tomponandraikitra voalohany tamin'io fotoana io. Nisy fitoviazana ny fitombon'ny trondron'ny mpandray anjara tamin'ny hakitroka roa nofidiana. Noho izany, amin'io tranga io dia azo ampiharina mandritran'ny ririnina, raha mampiasa sakafo/fanamasahana ary trondro mitovy habe eny amboalohany, ny hakitroka betsaka tamin'ireo hakitroka roa noraisina mba hahazahoana vokatra isaky ny hekitara ambony (lanjan'ny trondro vokatra isaky ny velarana sy ny fotoana voafetra). Ho an'ny hafa kosa, nitombo kokoa ny trondro nanana hakitroka ambany. Ary tsara ho azy ireo noho izany ny mandray io hakitroka ambany io raha te hanao voly avotra trondro.

Ankoatr'izay, amin'ny ankapobeny, ny maripana ambany hita tamin'ny faran'ny fotoanan'ny voly avotra dia mametra ny fitombon'ny trondro. Ary ny fifaninanana taona 2007, nanomboka ny tapaky ny volana aprily ka hatramin'ny faran'ny volana jona no nahitana vokatra isaky ny hekitara ambony indrindra.

Marihana fa ny mpitsara ny vokatry ny fifaninanana dia ahitana ireo ekipan'ny APDRA-Madagascar sy ny solotena roa avy amin'ny tantsaha mpifaninana. Ny famenoana ny fisy fizohiana, ny elanelana eo amin'ny isan'ny trondro nampidirina sy ny trondro vokatra no hojerena amin'izany. Hatolotra ny 5 septambra izao ny valin'ny fifaninanana ka hisy fety hamaranana azy hizarana ny loka ho an'ny mpifaninana.

Tonga indray ny « Universités d'Été » karakarain'ny APDRA-F

Natao ny 19 ka hatramin'ny 24 aogositra tao Jouy-le-Potier Frantsa ny « Universités d'été »n'ny APDRA- na ny fivoriana isan-taona, natao tao amin'Andriamatoa Bertrand Pajon, mpiompy trondro matianina no sady mpitam-bolan'ny fikambanana.

Toy ny isan-taona dia mikarakara « ny universités d'été » -any ny APDRA-F. Io no fotoana hihanonana sy hifanakalozana eo amin'ny mpikambana sy ny mpiasa ao anatin'ny sampan'ny fikambanana kaontinanta Afrikaana ahitana an'i Guinée, Cameroun, République Centre Africaine, Bénin sy Madagascar. Samy naneho ny fandrosoan'ny asany sy ny tetik'asany amin'ny ho avy ny solotena tsirairay. Nalamina tamin'izany koa ny fandaharana ny atrik'asa samihafa. Afaka naneho ny olana ateraky ny fampiasana fanafo-dim-biby mandritran'ny voly avotra ao an-tanimbary ny solotenan'i Madagasikara, nohon'ny fisian'ny manam-pahaizana iray nanelabelatra mikasika ireo fanafodim-biby fampiasa amin'ny fambolena.

Nisy atrik'asa iray niendrika fampiharana, notarihin'ny dokoteram-biby manam-pahaizana manokana amin'ny trondro nahafahana nahalalana ireo katsetsitra hita mifikitra ao anaty trondro. Manampy izany, andriamatoa Bertrand Pajon nampita ny fampiterahana trondro sy ny famokarana olitra atao amin'ny alalan'ny asa-tanan'olombelona (artificialy). Amin'ny volana oktobra, dia hanao io fanafoziana io ny APDRA-Madagascar mba hamokarana olitra betsaka. Hanaovana andrana ireo olitra ireo mba hahalalana tsara ny anton'ny fahafatesan'ny karpa mandritran'ny ambaratonga ny fianinan'ny zana-trondro isan-karazany.

Le concours 2008 est terminé !

Ayant débuté à la fin du mois de mai, le concours 2008 s'est achevé par la vidange de chaque parcelle au cours de la semaine du 21 au 25 juillet.

Proposé par les paysans partenaires de l'APDRA-Madagascar, le concours 2008 avait pour thématique la densité d'empoissonnement des parcelles au cours de la période de grossissement en contre saison. 18 paysans ont empoissonné deux parcelles proches à deux densités différentes, l'une étant deux fois supérieure à l'autre, dans le but d'obtenir des indications quant à la densité à appliquer sur ces parcelles au cours de la période de contre saison. Chaque paysan a été impliqué dans le suivi de ses parcelles en réalisant les relevés des températures et des variations de la hauteur d'eau. Lors du concours, l'équipe de l'APDRA-Madagascar a effectué le suivi de chaque participant, récoltant des données complémentaires et répondant aux problèmes rencontrés par les paysans. Puis, chaque parcelle a été vidangée, les poissons pesés et comptés par l'équipe. Pour une partie des participants, la croissance des poissons a été identique pour les deux densités choisies. Il est donc, dans ce cas, possible d'appliquer, en cette période, avec la même alimentation/fertilisation et des poissons de même taille initiale, la plus forte des deux densités choisies pour obtenir un meilleur rendement (poids de poisson produit pour une surface et une période donnée). Pour une autre partie, la croissance des poissons a été meilleure pour la plus faible densité appliquée. Il est alors possible d'obtenir des rendements équivalents pour les deux densités, et donc préférable de choisir la densité la plus faible pour cette parcelle, durant cette période de l'année.

Par ailleurs, d'une façon générale, les températures basses rencontrées durant la fin de la période de contre saison ont limité la croissance des poissons. Des rendements plus élevés avaient été obtenus lors du concours 2007, qui s'était déroulé de la mi-avril à la fin du mois de juin.

Un jury, composé de l'équipe de l'APDRA-Madagascar et de deux paysans participants, se réunira pour effectuer le classement des pisciculteurs selon leur implication durant le concours (remplissage des fiches de suivi, écart entre le nombre de poissons introduits et récoltés). Les résultats seront diffusés et des lots distribués lors de la fête de la fin du concours, le 5 septembre prochain.

Retour sur les Universités d'Été de l'APDRA-F

Les Universités d'été de l'APDRA-F se sont tenues du 19 au 24 août dernier à Jouy-le-Potier (France), chez Bertrand Pajon, pisciculteur et trésorier de l'association.

Comme chaque année, l'APDRA-F a organisé ses universités d'été, occasion de rencontre et d'échange entre les membres et les salariés des différentes antennes de l'association présentes sur le continent africain. Dans la semaine, chaque antenne (Guinée, Cameroun, République Centrafricaine, Bénin et Madagascar) a présenté les récentes avancées des ses activités et ses projets futurs. Divers ateliers avaient également été programmés. Ainsi, les représentants de l'antenne de Madagascar ont pu discuter de l'impact des produits phytosanitaires utilisés pour les cultures de contre saison lors de l'intervention d'un scientifique spécialiste des pesticides. Un atelier, organisé sous forme de travaux pratiques, encadré par un vétérinaire spécialiste des poissons a permis aux membres de s'initier à la reconnaissance de certains parasites. D'autre part, Bertrand Pajon a initié les représentants des différentes antennes aux techniques artificielles de reproduction et de production de larves. En octobre, l'APDRA-Madagascar devrait en effet se doter d'un système d'écloserie artificielle, permettant de produire un grand nombre de larves. Ces larves pourront par la suite permettre d'effectuer des expérimentations afin de mieux comprendre les causes de mortalité des carpes lors des stades précoces.

FIAINAM-PIKAMBANANA FAKA TAHAKA

Teo anelanelan'ny 29 sy 30 Jolay 2008, nisy fitondran'ny APDRA Madagascar tantsaha mpiompy trondro maromaro mpiara-miombon'antoka aminy avy eto avaratr'i Betafo (Faritra Vakinankaratra) nankany Fianarantsoa (Faritra Matsiatra Ambony). Ny hisian'ny fifanankalozana traikefa teo amin'ny tantsaha mpamokatra trondro ao anatin'ireo faritra roa samihafa ireo no tanjona. Indro ho tantaraina eto ambany ny fahitan'ny tansaha iray avy aty Betafo ny momba ny fiainam-pikambana any amin'ny Faritra Matsiatra Ambony.

Efa somary lasa lavitra ny fikambana mpiompy trondro any amin'ny Faritra Matsiatra Ambony amin'ny ankapobeny. Ohatra momba ny fikambanana tantsaha “Mahazoalaza” tany Alakamisy Itenina. Mahaloa ny adidiny momba ny fitsinjo daholo ny mpikambana rehetra. Taratrin'ny fihodinan'ny asa izany. Hita taratra ny fandraisan'anjaran' ny mpikambana ao anatin'io fikambanana io. Maro ny asa iombonana ataony toy ny fambolem-bary, ny tsako, ny fanamboarana zezika komposta ary ny fiompiana madinika isan-karazany ka anisan'izany ny trondro. Mifameno ny fiompiana sy ny fambolena satria ny vokatry ny fambolena no ahodina ho sakafon'ny biby ary ny zezika no hanatsarana ny fambolena.

Misongadina ihany koa ny sompitra vary iombonana hiadiana amin'ny fahasahiranana amin'ny fahavaratra. Tsapanay fa misy ny fifampitokisana sy firaisankina ny mpikambana. Indrindra ny fandraisana anjara mavitrika ataon'ny vehivavy. Ny andro Talata dia tsy maintsy anaovana ny asan'ny fikambanana. Ny tsy afaka dia mandefa solon-tena.

Manao varotra iombonana amin'ny vokatra misy ny fikambanana ka miaramizaka ny tombotsoa sy ny fatiantoka ny mpandray anjara ao anatin'ny varotra iombonana iray. Miteraka olana indraindray ny halaviran'ny lalana misy ny toerana sy ny renivohitra hivarotana trondro, indrindra fa rehefa misy olana eny an-dalàna ny fiara mpitatitra. Mazava ho azy fa simba ny trondro. Ary mihena ny vola miditra amin'ny fikambanana. Nandalo dingana maro ny fikambana “Mahazoalaza” teo amin'ny fiainany. Niainga tamin'ny fikambanana tsotsotra. Ary ankehitriny dia hiditra amin'ny kaoperativa. Mampandroso ny fiainan'ny tsirairay ny fikambanana “Mahazoalaza”. Misy hevitra tsara tsoahina ao amin'ny hampandrosoana ny fikambanana tantsaha aty Betafo.

Ambohitsara, faha 21 Aogositra 2008
Rakotondrasoa Falimanana, mpikambana Soamiray”

UNE VIE ASSOCIATIVE EXEMPLAIRE

Le voyage d'échange organisé du 29 au 31 Juillet 2008 dernier avait pour objectif de partager les expériences entre les paysans de deux régions (Vakinankaratra- Région Haute Matsiatra). Faly, paysan de Betafo effectue une brève analyse de la vie associative paysanne à Fianarantsoa.

Durant notre passage à Fianarantsoa, nous avons pu rencontrer différentes associations de paysans, comme par exemple l'association Mahazoalaza. Elle possède une bonne maîtrise de la gestion de ses activités courantes. Tous les membres paient systématiquement leurs cotisations. Cet argent est nécessaire pour assurer la vie de l'association. Chacun à une responsabilité déterminée et tous s'unissent pour la réalisation des tâches nécessaires au développement de l'association. Beaucoup d'activités sont réalisées en commun : la préparation des rizières, la culture du manioc, la fabrication de composts ou encore les petits élevages tels que la pisciculture. Dans cette optique de développement, l'agriculture et l'élevage sont complémentaires : les produits agricoles sont utilisés pour l'alimentation des animaux d'élevage, et les fumiers servent d'engrais pour les champs de cultures.

L'association a également créé un GCV (Grenier Communaute Villageois). Cette activité est utile, elle permet d'aider les membres dont le niveau de vie est précaire, en particulier durant la période de soudure. Je suis convaincu que les membres de cette association se font mutuellement confiance. Il est donc normal qu'elle fonctionne aussi bien. Ce qui m'étonne, c'est la participation massive des femmes.

Lorsqu'un homme est admis comme membre, sa femme l'est aussi obligatoirement. Dans le règlement intérieur de l'association Mahazoalaza, le jour du Mardi est consacré aux activités du groupement, comme par exemple le transport des fumiers sur les parcelles rizipiscicoles.

L'association Mahazoalaza réalise aussi une vente commune de produits agricoles. Les ventes de riz et de poissons alimentent également la caisse. Tous les membres participent à la réussite de la vente, même s'ils subissent aussi quelques échecs. Par exemple, les lieux de vente sont éloignés des lieux de production. Lorsque le moyen de transport utilisé

pour la vente commune de poissons tombe en panne en cours de route, la chair des poissons se dégrade, ce qui entraîne une perte de bénéfice et même de capital.

Depuis sa création, l'association est passée par différents niveaux pour arriver à son stade actuel. Elle a débuté sous forme d'une simple association et souhaite actuellement devenir une coopérative fonctionnelle. L'existence de l'association a permis d'améliorer le niveau de vie des membres. Beaucoup de leçons ont été tirées de ce voyage d'échange à Fianarantsoa. Nous voulons essayer de transposer quelques principes de cette association dans le but d'améliorer le fonctionnement de la notre à Betafo.

Ambohitsara, le 21 Août 2008
Rakotondrasoa Falimanana, membre “Soamiray”



Les participants de la visite– échange à Fianarantsoa

FOMBA FIJERIN’NY TANTSAHA IRAY MOMBA
NY FITSIDIHANA FIFANAKALOZANA

Vondrom-pikambanana maromaro no nihaona sy nifampizara traik’efa ara-tekinika ka ny fiompiana trondro nahitana ny fampiterahana sy ny fanataviazana no nifampizarana tetsy Manolafaka Ambalavao IV Andriamboasary ny talata 29 jolay 2008.

Ny mitovy ro milambana ka ny andro hariva no nampalahelo. Nihaona tao amin’ny kaoperativa Manolafaka ny tantsaha miisa 53 avy amin’ny fikambanana telo tonta avy ao avaratry Betafo: Soamiray, Soaiombonana ary Fanantenana II eo andaniny sy ny FKH Manantenasoala lamarina ary ny VFTM nahitana ny “kaoperativa trondro”, ny “Liam-pivoarana” ao Maromby, ny “Kaoperativa Voromailala” avy ao Ambalamarina, ny “kaoperativa Mahavanona” ao Ampaly, ny “Fiavotantsoa” sy “Manantenasoala” ao Ambalavao ary ny APPAFI tetsy ankilany.

Masaka ny ady hevitra sy ny fizarana traik’efa tamin’ny fampiterahana trondro. Natao ny fampitahana ka misy ny tekinika mitovy na amin’ny fampiterahana na amin’ny fanatavezana.

Ny hany nahasamy hafa azy teo amin’ny fampiterahana dia ny talatalana amin’ny fampanatodizana satria ao ny mividy kakaban, ho an’ireo tantsaha avy ao Fianarantsoa. Ao kosa ny mampiasa redretra ho an’ny avy any Betafo satria io no akora misy any an-toerana, tsy andaniam-bola nefa manome vokatra mahafa-po ny tantsaha. Olana iaraha-manana ny fahafatesan’ny zana-trondro madinika ka mila fanatevenana fiofanana avy amin’ny tekisianina. Mampanahy ny fifampivadiam-pirazanana noho ny tsy fisian’ny fidiran’ny lahi-trondro na reni-trondro vaovao teto Madagasikara nandritran’ny taona maro.

Manoloana izany àry dia nanapa-kevitra ireo tantsaha avy amin’ny Faritra roa Vakinankaratra sy Matsiatra ambony fa hifanakalo na hifamarotra reni-trondro sy lahi-trondro amin’ity taom-pamokarana ity. Na izany aza anefa dia manao antso avo amin’ireo mpiara-miombon’antoka sy ny manam-pahefana ambony voasahan’io olana io mba hanolotra vahaolana ho an’ny tantsaha eny ifotony.

Teo amin’ny fanatavezana indray dia samy miainga amin’ny zava-misy ao an-toerana ny fanomezana ny sakafon’ny trondro sy ny fanamasahana. Ny fitantanana ny rano sy ny fanajariana ny tanimbary ary ny fanajariana ny dobo sy ny filàna azy no nohatevenina teo amin’ny roa tonta satria niharam-boina ny ankamaroany tamin’ny fandalovan’ny rivo-doza Yvan tamin’ny febroary 2008. Lesona iray nosintonina tamin’izany ny fialana amin’ny fahihirana tsy mahafoy tany hajariana nefa hidiram-patiantoka amin’ny fahaverezan’ny trondro.

Entanina ny tantsaha rehetra hanatavy trondro satria misy ny tanimbary tsy ahitana voly avotra mandritran’ny ririnina nefa misy sori-drano eo akaikiny izay azo hajariana tsara amin’ny fiompiana trondro. Hantitranterina fa tena azo antoka ny hatratrarana ny tanjon’ny fanjarian-tsakafo sy ny fampiakarana ny toe-karena satria tena fidiram-bola maharitra ny fiompiana trondro.

Amporano, faha 21 Aogositra 2008
Xaxier Michel, mpikambana “Soaiombonana” Betafo



Constatacion
in-visu des étangs
piscicoles

paysans de la région Haute Matsiatra ont été touchés par le passage du cyclone Yvan en février 2008. Réaliser des aménagements (élargir les diguettes et réaliser un étang refuge) est une solution pour limiter les pertes de poissons.

Nous avons incité les paysans à pratiquer la pisciculture lors de la période de contre saison dans les parcelles qui ne sont pas utilisées pour le maraîchage. Cependant, il est nécessaire que ces parcelles aient un accès à l’eau. La pisciculture est une activité qui améliore la sécurité alimentaire. Elle permet aussi d’augmenter le revenu de l’exploitation.

Amporano, le 21 Aogositra 2008
Xaxier Michel, membre “Soaiombonana” Betafo

L’IMPRESSION D’UN PAYSAN AUTOUR DE
L’ECHANGE D’EXPERIENCE PISCICOLE

Différentes organisations paysannes ont partagé des expériences concernant différentes techniques piscicoles à Manolafaka Ambalavao IV, le mardi 29 juillet 2008. Les thèmes de la reproduction et du grossissement des poissons ont été abordés durant ces visites.

53 paysans des régions Vakinankaratra (appartenant aux associations Soaiombonana, Soamiray et Fanantenana II) et Haute Matsiatra (coopératives Trondro, Liam-pivoarana, Voromailala, Mahavanona, Fiavotantsoa et Manantenasoala) ont partagé leurs expériences concernant la pisciculture. Ils ont été accueillis par les paysans membres de la coopérative Manolafaka.

Les deux groupes de paysans ont pu comparer leurs pratiques en ce qui concerne la reproduction et le grossissement des poissons. Biens qu’ils aient constaté des différences, certaines pratiques se sont révélées communes aux deux groupes.

Pour la reproduction, les pisciculteurs de la région Haute Matsiatra utilisent comme support de ponte des kakabans achetés auprès du Service des Pêches, qui collabore avec les alevineurs de la région de Fianarantsoa. Les paysans de Betafo utilisent le « redretra », une plante disponible dans leur région, donnant des résultats satisfaisants. La diminution du nombre des alevins produits se révèle être un problème commun à tous les participants. Les deux groupes s’inquiètent également des problèmes possibles de consanguinité dans leurs régions respectives, puisque peu de nouveaux géniteurs ont été introduits à Madagascar ces dernières années. Face à ce problème, les paysans du Vakinankaratra et de la Haute Matsiatra ont décidé de commencer à s’échanger des géni-

teurs à partir de cette année. Ces échanges constituent une première solution mais nous demandons l’appui des différents projets pour apporter des solutions durables aux pisciculteurs.

Pour le grossissement des poissons, chaque pisciculteur utilise des produits disponibles au marché mais surtout des produits agricoles et leurs résidus pour l’alimentation et la fertilisation du milieu d’élevage.

La gestion de l’eau et l’utilité des aménagements des rizières et des étangs ont aussi été des sujets discutés entre les pisciculteurs. En effet, une grande partie des

“MIHETSIKA NY FIKAMBANANA

Maro karazana ny fomba hanatevenan’ny fikambanana ny kitapom-bolany. Ny kerimesy no hitan’ny Fanantenana II ao Mahazina avaratry Betafo hampidiram-bola. Indro Rakotoniaina mitantara fohy ny karmesy natao ny Zoma 25 Jolay 2008 teo.

Ny fikambana “Fanantenana II” dia sehatra iray hitambaran’ireo mpiompy trondro eto Mahazina, Distrikan’i Betafo ao amin’ny Faritra Vakinankaratra. Fikambanana mihetsika tokoa izy ary tsy mitsahatra manatevina ny kitapom-bolany mba hampiroboroana ny fikambanana. Fanidroany izy izao na nikarakara karmesy.

Ny Lefitry Bén’ny tanànan’ny Kaomina ambanivohitra Betafo no nanokatra ny fety tamin’ny fomba ofisialy. Notronin’ireo Filoham-pokontany manodidina, ny fikambanana tantsaha tao anatin’ny kaomina sy ireo tantsaha maro tsy mbola mpikambana ary ireo sampandraharaha mpanohana ny tontolo eny ambanivohitra. Vavaka sy kabary nifandimby no nentina nanokafana ny lanonana ary nohatevenin’ny lavantim-bokatra ara-pambolena sy fiompiana isan-karazany. Nisy ihany koa ny sakafo niraisana sy ny horonan-tsary izay nahaliana ny tantsaha tokoa. Samy natao tamin’ny sanda mirary ny vidim-pidirana sy ny fandraisana anjara tamin’ny sakafo mba hahafa-po ny mpanotrana sy ny mpikarakara izay nahazo tombony miavoavo tamin’ny ara-bola.

Isaorana mitafotafao ny mpanotrana nanamasaka ny fety sy ireo nasaina nefa tsy tonga noho ny antony maro samy hafa, ka nahazahoana izao tombotsoa izao. Isaorana koa ny mpikambana Fanantenana II. Isaorana ny APDRA-Madagascar, nanohana tamin’ny lafiny rehetra ny fanantanterahana ny Karmesy. Isaorana ny Ben’ny tanàna sy ny mpiara-miasa aminy tamin’ny fanomezam-boninahitra ny fety. Ho ela velona daholo anie mba hahatratra ny fety amin’ny heritaona!



Vente aux enchères
des pommés de
terre

Mahazina, faha 19 Aogositra 2008
RAKOTONIAINA Ratsimbazafy, mpikambana Fanantenana II

MPISEHATRA TRONDRO NIATRIKA NY
FOARA TAO MATSIATRA AMBONY

Ratsimbazafy Emmanuel monina eto Ambalamahasoa, Kaominina Ambanivohitra Maneva ary Distrika Vohibato ato amin’ny Faritra Matsiatra Ambony no Filohan’ny APPAFI (Fikambanana’ny mpamokatra zana-trondro eto Fianarantsoa). Fikambanana niompy trondro hatramin’ny taona 1997, mpamokatra zana-trondro nanomboka ny taona 2003 ka hatramin’izao izany. Izy no hampita amintsika eto ny foaran’ny Faritra Matsiatra Ambony 2008.

Notanterahina tao Fianarantsoa, renivohitr’y ny Faritra ny foaran’ny Faritra Matsiatra Ambony ny 22 ka hatramin’ny 25 may 2008. Ny tanjon’ny foara moa dia ny fampiroboroana ny tontolo ambanivohitra. Trano eva 30 nahitana ny vokatra arapiompiana, ara-pambolena no narentin’ny tantsaha ary nisy koa ireo sehon’ny fitaovam-pamokarana.

Sehatra hanaovana fampitam-baovao ny foara satria maro ny ambaratongan’olona tonga nitsidika sy nifanakalo hevitra tao amin’ny trano evan’ny APPAFI. Hita tao ny karazan’olona rehatra. Endrika iray ahitana lalam-barotra ny foara satria tao no anisan’ny nahatsapana ny fahafaha-mividin’ny mpanjifa sy ny lanja mety ho lafo amin’ny fotoana toa izao. Trondro 500kg isan’andro no lafo nandritran’ny adin’ny telo raha natao 5000 ariary ny kilao. Azo antoka izany fa mahalafo 1000kg isan’andro raha be ny trondro efa niakatra.

Koa manentana antsika tantsaha namana hiompy trondro satria asa mahavelona izy io, mora atao ary mbola malalaka ny tsena. Manampy izany, nahazo tinady zana-trondro miisa 10000 iza-hay.

Ratsimbazafy Emmanuel na Rasamoelina Tél: 032 57 356 36

UNE CAISSE ENTRETENUE GARANTIT
L’AVENIR!

Afin de financer ses activités, l’association Fanantenana II a organisé une kermesse le 25 juillet dernier au village de Mahazina, FKT Vakini-fasina, Rakotoniaina, membre de l’association, établit un premier bilan de évènement.

C’est la deuxième année que Fanantenana II organise ce genre de kermesse. En tant qu’association de pisciculteurs, les bénéfices obtenus à l’issue de cet événement seront utilisés pour alimenter la caisse et permettront de mieux s’équiper pour la prochaine saison piscicole. Des associations amies, des présidents de fokontany, des paysans et des services d’appui au développement rural nous ont également soutenu pendant la fête.

La fête a été ouverte par un discours de l’adjoint au Maire de Betafo, suivi d’une prière oecuménique et d’autres discours officiels. Diverses activités ont été organisées durant la fête. Celle-ci a débuté par une vente aux enchères des produits agricoles locaux. Un déjeuner avait ensuite été organisé, puis la journée a été clôturée par la diffusion d’un film. Le montant de la participation avait été déterminé de façon à ce que toutes les catégories sociales puissent participer.

Nous sommes heureux que la fête ait pu avoir lieu. Les produits destinés aux enchères ont tous été vendus, grâce l’effort de tous les membres. Une grandes partie des invitations ont été vendues au cours du déjeuner. La plupart des personnes invitées se sont déplacées. Que Dieu les benisse. Quant à la projection, la salle était pleine, bien qu’il ait fait froid dans la soirée. Nous remercions chaque membre de Fanantenana II. Un grand remerciement aussi à la commune de Betafo et à l’APDRA Madagascar. Sans oublier Dieu. Merci à tous ceux qui ont contribué à l’organisation de la kermesse. Merci à toutes et à tous. Nous vous souhaitons une bonne continuation pour atteindre la révolution verte.

Mahazina, le 19 Août 2008
RAKOTONIAINA, membre du “Fanantenana II”

ACTEURS PISCICOLES A LA FOIRE DE
LA HAUTE MATSIATRA

Ratsimbazafy Emmanuel réside à Ambalamahasoa, District de Vohibato dans la Région de la Haute Matsiatra. Il est le Président de l’APPAFI (Association des Producteurs Privés d’Alevins de Fianarantsoa) et producteur de poisson depuis 1997, il a participé en mai dernier à la foire de la Haute Matsiatra. Il nous en livre un bref compte rendu.

La Foire de la Haute Matsiatra s’est déroulée du 22 au 25 mai 2008 dans le chef lieu de la province de Fianarantsoa. Dans l’objectif de promouvoir le développement rural, une trentaine de stands ont présenté divers produits et matériels agricoles. La foire agricole est un lieu d’information. Différents visiteurs se sont arrêtés au stand de l’APPAFI et ont discuté avec nous : des étudiants, des paysans et divers salariés d’organisations actrices du développement rural. Nous avons vendu environ 300 fiches techniques.

Cet espace permet également de rechercher des débouchés de vente et de connaître le pouvoir d’achat des clients. Nous avons pu écouler 500kg de gros poissons à 5000 Ariary le kilo, mais nous sommes sûrs qu’une vente de 1000kg par jour était possible durant la foire. Cette manifestation nous a aussi apporté des clients demandeurs d’alevins, et ce sont au total 10 000 alevins qui nous ont été commandés.

Paysans, je vous encourage de pratiquer la pisciculture car c’est une filière porteuse.

Ratsimbazafy Emmanuel dit Rasamoelina Tél: 032 57 356 36